


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Manala ny Sakana amin'ny Fanasitranana

Naratra i Jesosy mba ho sitrana isika.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Matetika, ny olana ao am-po sy ny fiainan’ny vahoakan’Andriamanitra dia lasa toy ny sakana amin’ny fanasitranana. Ny sakana fito mahazatra toy izany dia:

- Tsy fahalalana ny Tenin’Andriamanitra (jereo Isaia 5:13; Hosea 4:6);
- Tsy finoana (jereo ny Hebreo 3:12–13);
- Ota tsy nekena (jereo ny Ohabolana 28:13);
- Ny lolompo sy ny tsy famelan-keloka amin’ny hafa (jereo ny Marka 11:25–26);
- Fandraisana anjara amin'ny asan'ny maizina (jereo ny Eksodosy 23:24–26);
- Fanekena tsy araka ny Soratra Masina, izany hoe ny Freemasonry[mamandri-tena] (jereo ny Eksodosy 23:31–33); ary,
- Ny vokatry ny ozona (jereo ny Deoteronomia 28:15–68).

Indraindray ny aretina dia vokatry ny fisian'ny fanahy ratsy na mifandray amin'izany. Andeha isika hijery ohatra iray monja ao amin’ny filazantsaran’i Lioka.

> " Ary raha nilentika ny masoandro, ny olona rehetra izay nanana marary tamin’ny aretina samy hafa dia nitondra azy teo aminy; ary dia nametra-tànana tamin’izy rehetra tsirairay Izy ka nahasitrana azy.

Ary nisy demonia[fanahy ratsy] nivoaka tamin’ny maro ka niantso hoe: Hianao no Zanak’Andriamanitra. Nefa norarany ireo ka tsy navelany hiteny, satria nahalala Azy ho Kristy..” (Lioka 4:40–41)

Rehefa miasa ny herin'Andriamanitra mihoatra ny natoraly, dia tsy mahazaka izany intsony ny fanahy ratsy; tsy maintsy mivoaka izy ireo. Misy lalany samy hafa ifandraisan'ny aretina amin’ny fanahy ratsy. Misy fanahin’ny rofy, fanaintainana, kilemaina, ary fahafatesana, raha tsy hilaza afa-tsy efatra. Nifanena tamin’ny vehivavy iray niondrika indroa i Jesosy ka tsy afaka nitsangana mahitsy. Tsy noheveriny ho aretina ara-batana ny toe-pahasalamany, fa

nilaza kosa Izy fa voafatotry ny fanahin’ny fahalemena nandritra ny valo ambin’ny folo taona izy.Avy eo, namaha azy tamin’ilay fanahy Izy, dia nitraka niaraka tamin’izay izy (jereo ny Lioka 13:11–13).

Misaotra Anao, Jesosy ô, noho ny Asanao teo amin’ny hazo fijaliana. Manambara aho fa rehefa miasa ny herin’Andriamanitra mihoatra ny natoraly, dia mianjera ny sakana rehetra amin’ny fanasitranana satria noratraina i Jesosy mba hahasitrana ahy, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-103-MLG
Nohavaozina farany: 09 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

